ANKATSO SY VONTOVORONA

# Mafana indray ny raharaha fitakiana vatsim-pianarana

Mafana indray amin'izao fotoana ny toe-draharaha fitakiana vatsim-pianarana eny amin'ny ambaratonga ambony, eny Vontovorona, sy eny Ankatso. Ny eny amin'ny Polytekinika Vontovorona, mitaky ny hamoahana ny vatsim-pianaran'izy ireo 4 volana, izay mbola tsy vitan'ny fitondrana ihany hatramin'izao. Ny eny Ankatso indray, mitaky ny vatsim-pianarany tsy voaefa 5 volana, ny mpianatra ao amin'ny toeram-pampianarana ambony momba ny siansa. Tany Vontovorona Antananarivo Atsimondrano, raikitra indray ny grevin'ny mpianatra eny amin'ny Sekoly ambony Polytechnique Vontovorona mahakasika ny fitakiana ny fivoahan'ny Vatsim-piaarana 4 volana sy fampitaovana. Tapitra ny fe-potoana nomen'izy ireo ny Ministera ny hamahana ny olana misy eo amin'izy ireo, ka nidina an-dalambe avy hatrany izy ireo omaly, nanohy izany fitakiana izany, raikitra ny fandorana kodiarana sy fanakanan-dalana. Ny faran'ny herinandro teo raha tsiahivina, dia nanome 24 ora hamaliana ny fitakiana ireo mpianatra. Milaza izy ireo fa tsy hijanona ny fitakiana raha tsy mivoaka ny "calendrier de bourse" izay mifanaraka amin'ny volana nianarany. Araka ny vaovao farany momba ity hetsiky ny mpianatra tany Vontovorona ity, mpianatra miisa 2 no voasambotra. Teny Ankatso, nidina teny amin'ny toeram-piantsonan'ireo taksibe 119 ireo mpianatra, nandoro kodiarana sy nanakan-dalana koa. Mitohy hatrany noho izany ny ramatahora sy antsojay ataon'ny fitondrana ny mpianatra mitaky ny zony. Mahakasika ity raharaha ity, misy ny mizana tsindrin'ila sy fanavakavahana ataon'ny fitondrana Rajoelina: tany Toliara nomena ny vatsim-pianarany ireo mpianatra tany rehefa nisy ny korontana sy vaky trano, ny teto Antananarivo sy ny manodidina anefa hatramin'izao, mbola tsy nahazo ny zony ireo mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony.



*Mpianatra nosamborin'ny mpitandro filaminana teny Vontovorona.*

***Isambilo***

Hetsika Miara-manonja

# Ho eny amin'ny 13 mey amin'ny fotoana maha mety azy

Niato nandritra ny 2 andro ny fandaharana Miara-manonja, noho ny fanatsaràna eo amin'ny fandraisana ny fandaharana ho ren'ny olom-pirenena eto an-tanindrazana, sy avy any ivelany, manerana izao tontolo izao. Na mbola tsy miverina ao anaty fahitalavitra mandeha satelita aza ny MBS amin'izao fotoana izao, noho ny hetraketraka mahazo ity fahitalavitra ity, izay ataon'ny fanjakàna aaminy dia tsy mitaraintana mihepaka ny Miara-manonja, fa miezaka, mba hanaparitaka ny fandaharana amin'ny fomba rehetra, ary ho ren'ny olona rehetra. Ho fanatsaràna ny fandaharana dia tsy mianona amin'ny depiote fotsiny manomboka izao ny Miara-manonja, hoy ny depiote Fidèle Razara Pierre, fa hisokatra amin'ny olom-pirenena rehetra, izay manana fotokevitry ny Miara-manonja. Eo ny mpanao politika, ny RMDM, ny Vondrona Panorama, ny sendika, olontsotra, ny fikambanana mahatsapa fa misy zavatra tsy mety eto amin'ny firenena, sns... Ny Miara-manonja dia sehatra anehoan'ny olom-pirenena hevitra. Mbola eto aloha izao hoy ny solombavambahoaka Me Hanitra Razafimanantsoa, fa hisy ny fotoana maha mety azy, handehanana eny amin'ny kianjan'ny 13 mey, satria eny izao hoy izy no tena Kianjan'ny Demokrasia. Mahakasika ny ady anatiny ao amin'ny fitondrana, nanambara ny depiote Todisoa, fa fampiadiana akoholahy no nafaran'ny fitondran-dRajoelina, adin'akohovavy anefa amin'izao fotoana, mahakasika ny ady eo amin'ny talen'ny serasera ao amin'ny fiadidiana ny Repoblika Rinah Rakotomanga, sy ny ministry ny serasera Lalatiana Andriantogarivo Rakotondrazafy. Mahakasika ny fisokafan'ny Miara-manonja amin'ny olom-pirenena rehetra, ho vahiny ao amin'ny fandaharana anion y mpanolotsaina ny kamonina Antananarivo Renivohitra Clémence Raharinirina.



*Ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa.*

***Helisoa***

Vehivavy TIM

# Mitady ny fomba hatrany hanampiana ireo gadra politika 12

Ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM) dia mitady ny fomba rehetra hanamaivanana ny fahasahiranana mahazo ny fianakavian'ireo gadra politika miisa 12 mianadahy. Noho izay antony izay, nanomboka omaly alatsinainy 15 martsa ny fametrahana ny "commande" amin'ny "opération Madeleine" ataon'ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM) eto Antananarivo sy ny manodidina. Mbola ho entina hatrany, hanampiana ireo gadra politika miisa 12 nampidirina amponja tsy ara-drariny eny Antanimora ny vola azo avy amin'izany. Hatramin'ny sabotsy 20 martsa 2021 izao no hanomezana ny "commande" ; ny alatsinainy 22 martsa kosa no hanomezana ny madeleine izay lafo, sy hanomezana ny vola vidiny. Efa maro no nanao ny "commande", fa mbola mila ezaka isika mba hahazoana vola homena ireo migadra tsy ara-drariny ireo. Hamafisina fa ny vehivavy TIM dia mitaky tsy misy fepetra ny hivoahan'ireo voafonja miisa 12 mianadahy ireo, satria tsy nangalatra ireo, tsy namono olona, tsy nandoro trano, tsy nandroba, sns...



***Helisoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fanavaozana fanadinana

# Tsy ampy hampitony ny sain'ny maro ny fanazavana natao

Tsy mampitony ny fiasan-tsainan'ireo ray aman-dreny, sy mpianatra ny fanazavana ny amin'ny safidy ny sokajy azon'ireo mpianatra hatao, amin'ny fiatrehana ny fanadinam-panjakana bakalorea. Nambara fa tsy mbola hoe mihàtra tanteraka amin'ity taom-pianarana ity izany, fa mbola manana safidy ireo mpianatra na hanaraka ireo sokajy teo aloha lazaina ho « tranainy », na ny sokajy vaovao natolotra nanomboka tamin'ity taona ity, dia ny L (littéraire), ny S (Scientifique), ary ny vaovao be koa, ny OSE (Organisation – Société – Économie). Nambaran'ny tomponandraikitra teo anivon'ny sekoly tsy miankina amin'ny fanjakana (ONEP), fa ampahany amin'ireo sekoly no nampiharana an'ireto sokajy farany vaovao eo amin'ny seha-panadinana. Izany hoe, misy tsy mahafantatra na ny fisehon'ireo sy ny mety ho fiantraikany eo amin'ny seha-pampianarana.
Mazava loatra, fa andrana ihany izao fanombohana izao, tsy maneho fahapatahan-kevitra tanteraka sy faharesen-dahatra. Marina, ilaina ny fanavaozana eo amin'ity seha-pampianarana ity, kanefa tsy atao andrankandrana ny fampiharana azy. Tsikaritra rahateo, fa mandroso mihemotra izany, no atao amin'ny fampianarana ny zana-bahoaka eto amin'ity firenena ity. Niaraha-nahita tsara ireny ny nanjo ny zaza malagasy tamin'ny fanisahana ny tetiandro fampianarana, izay nisy tonga hatrany amin'ny 11 volana mihitsy ny fotoana nianarana. « Namono » ny mpianatra ireny ary nampaory ny ray aman-dreny ihany koa, satria nitombo ny fandaniana. Nihalangalana tsy te hahalala fotsiny izao, izay nanjo azy ireo izany ny fanjakana, sy ireo tomponandraikitra teo anivon'ny ministera misahana ny fanabeazam-pirenena. Dia niaraha-nahita, niverina tamin'ny teo aloha indray ny fotoam-pianarana sivy volana. Moa tsy tokony ho voasazy ve ireo mpanao andrankandrana ireo? Aorian'izao indray izao dia rahoviana no hiova io fanavaozana entina izao io?
Anisan'ny nampieritreritra ihany koa ny mpandinika ny amin'ny hoe ampahana sekoly, sy mpianatra ihany no nampiharana izao sokajy vaovao izao. Izany hoe tsy hanao intsony ireo sokajy nahazatra nandritry ny taona maro izy ireo ( ny A1, A2, C, D). Tsy hojerena aloha izay safidin'izy ireo vaovao any, fa ny andehanan'ny saina dia hoe: hanao ahoana ny vokatr'izany aoriana? Hatreto aloha ny fahitana azy dia mampizarazara ny zaza Malagasy izany. Hisy ny mbola hanao ny sokajy tranainy, dia hisy hanomboka amin'ity taona ity ny hanao ny sokajy vaovao. Hanao ahoana ny ho akony na ny ho vokatr'izany aoriana? Efa voadinika lalina ve izany? Mety tsy handeha amin'izay ihany ny saina raha efa nisy fanomanana dieny vao hiditra amin'ny taompianarana vaovao, na avy dia tsy maintsy niaraka narahin'ny mpianatra rehetra teto amin'ny firenena io vao niditra nianatra. Ho an'ny mpandinika dia mampanahy ihany, satria ny fepetra noraisina ankehitriny dia maneho tsy fahatokisan-tena be ihany eo amin'ny tomponandraikitra. Aoka mihitsy izay ny fanaovana andrankandrana amin'ny zana-bahoaka.

***Sôh'son***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Tolotra R.**